

Ny fizahan-toetra, *nahoana ?*

*"...mba ho hita ho fiderana sy
voninahitra ary fankalazana
ny fizahan-toetra ny finoanareo"*

1 Petera 1. 7

A.B. Simpson



Bibles et Publications Chrétienues

30, rue Châteauvert BP 335 F-26003 Valence cedex

Fizahan-Takila >

ISBN : 978-2-87907-354-5

L' épreuve : pourquoi ?

Ny fizahan-toetra... nahoana?	6
Mampianatra antsika hahalala an'ireo loharanon-kery ao amin'Andriamanitra ny fizahan-toetra	7
Mampiorina ny finoantsika ny fizahan-toetra	9
Mamolavola antsika hanana fiainam-bavaka ny fizahan-toetra	11
Mampianatra antsika hahay hitia ny fizahan-toetra	12
Mahatonga antsika hanam-paharetana sy faherezana ny fizahan-toetra	13
Mamolavola antsika ho afa-manampy ny hafa ny fizahan-toetra	14
Fotoana iray ahafahantsika manandrana ny atao hoe fiainam-pandresena ny fizahan-toetra	15

NY FIZAHAN-TOETRA... NAHOANA?

Mahasoa antsika tokoa ny fizahan-toetra sy ny fandiavana zava-tsarotra, raha toa ka mampianatra antsika hamantatra bebe kokoa ny tenantsika izany. Ny fandalovantsika azy ireny no mampiaiky antsika fa malemy sy tsy tanteraka isika. Anisan'ny asa tsy maintsy ataon' Andriamanitra amintsika izy ireny, ho fanamboarana antsika. Tsy ho tonga amin'ny fahafantarana ny tenantsika mihitsy isika raha tsy mandalo fizahan-toetra. Tsy very maina velively ny finoana sy ny fahatokiana mivaivay asehon'ny olona mandalo fizahan-toetra. Ary tsy hiantoraka afa-tsy amin'i Kristy irery ihany ny fanahy izay mahatsapa ny fahalemeny sy ny maha tsinontsinona azy, mba hameno ny banga ao anatiny.

Nanampy azy handresy ny fizahozahoana tao anatiny, ary nisakana azy tsy hanatanteraka izay nosaininy tamin'ny nahim-pony manokana, ny fizahan-toetra nolalovan'i Jakoba. Ny fahorian'i Joba no nandevona ny fiheveran-tena ho marina sy ny fatokian-tenany. Ny fahalavoan'i Petera no nanamontsana ny hambom-pony diso toerana sy ny fiheveran-tena ho zavatra nangeja azy, ka nitarika azy hiankin-doha tamin'ny hery ivelan'ny tenany, dia tamin'i Kristy irery ihany. Mbola izany

antony izany ihany koa no mahatonga ny Tompo tsy hitsahatra amin'ny fampandiavana antsika fizahan-toetra. Ao anatin'izany no andreseny lahatra antsika fa zava-poana ihany ny fiheveran-tena ho zavatra, ary hitarihany antsika ho sahy hilaza amim-patokiana hoe: « *Tsy izaho intsony no velona, fa i Kristy no velona ato anatiko* »¹.

Amin'ny alalan'ireny fampandiavana antsika zava-tsarotra sy fizahan-toetra ireny no iasan' Andriamanitra ao anatintsika, sy ho antsika, mihoatra lavitra noho izay mety ho takatry ny saintsika.

Ny fizahan-toetra dia mampianatra antsika :

– hahalala ireo loharanon-kery ao amin' Andriamanitra,

– hino Azy,

– hivavaka,

– hitia,

– hanana faharetana sy faherezana.

Mamolavola antsika ho afa-manampy ny hafa ny fizahan-toetra sy ny fisedrana zava-tsarotra. Fotoana iray ahafahantsika manandrana ny atao hoe fiainam-pandresena izany.

1. Galatiana 2. 20

Mampianatra antsika hahalala an'ireo loharanon-kery ao amin'Andriamanitra ny fizahan-toetra

Ao anatin'ny fandiavantsika toe-javatra sarotra no tena ahatsapantsika fa ampy amin'ny zavatra rehetra Andriamanitra. Tsy maintsy ho nilamina sy nitony tsara aloha ny vahoaka Isiraely, raha nanoloana ny ranomasina Mena izy ireo, mba hahitany ny famonjen'Andriamanitra². Notarihin' Andriamanitra ho any an'efitra ry zareo, rehefa izany, tany amin'ny toerana tsy ahitana na inona na inona, mba hanaporofonany fa afaka mamatsy azy ireo amin'ny lafiny rehetra izy.

Tsy honohono intsony fa tonga tena tsapa mihitsy ny fisian'Andriamanitra, rehefa izy no mameno ny fahabangana sy manome faha-faham-po amin'izay zavatra ilaintsika. Sehatra iray ahafahan'Andriamanitra maneho ny halalin'ny fahendreny, ny heriny tsy hay tohaina, ary ny fahasoavany tsy manam-petra, ireny fizahan-toetra mahamay mitranga amin'ny fiainantsika ireny. Avelan'Andriamanitra ho tandra vadin-koditra amin'ny fiainantsika ny olana sy ny zava-tsarotra, mandra-pahatonga saina antsika hahatsapa ny tena maha misy an'i Kristy, toy ny maha tena misy ny ranomaso

2. Eksodosy 14. 10-14

nalatsatsika, ny fahoriana nianjady tamintsika, ny fanahiana toa handavo antsika, ary ireo olana marobe toy ny tendrombohitra manoloana antsika.

Ny herin'i Kristy nitoetra tao anatin'ny apôstôly no namaly ny filàny rehetra, rehefa nahatsapa ny tsy fahatanterahany sy ny fahalemeny izy. Izany no nanekeny tamim-pifaliana hatrany an'ireo zava-tsarotra nosedrainy. Noraisiny ombieny ombieny ho toy ny fotoana ahafahan'ny Tompo milaza aminy hoe: « *Ampy ho anao ny fahasoavako, fa ny heriko dia tanterahina amin'ny fahalemena* »³, ireny fotoana ireny.

Moa ve isika anisan'ireo efa nahatsapa fa ampy amin'izay trangan-javatra rehetra miseho eo amin'ny fiainantsika ny Tompo? Moa ve ny tsirairay avy amintsika afaka ny hanao antso avo ho ren-tany ho ren-danitra ny hoe: « *Jehovah no mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho... Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho; fa Hianao no amiko* »⁴.

Mampiorina ny finoantsika ny fizahan-toetra

Ny fizahan-toetra no tany lonaka itsirian'ny fatokiana. Ireny fizahan-toetra ireny no fanoitra

3. 2 Korintiana 12. 9 • 4. Salamo 23. 1, 4

atolotr'Andriamanitra antsika. Mitaky fananan-tsika fatokiana ny fitiavan'Andriamanitra sy ny maha tsy mivadika Azy izany. Mbola izy ireny ihany koa no mikolokolo an'io fatokiana ananantsika io hiha mafy orina hatrany. Raha hampianatra ny zanany hanidina ny voromahery dia atosiny hivoaka eny ivelan'ny akany izy, ka hanandrana hiriaria eny an'habakabaka. Rehefa tsy manana an'iza na iza hianteherana ilay zana-borona dia, na izy hiezaka hanidina, na hidaraboka amin'ny tany. Amin'izany no ahatsapany fa hery marefo no ao amin'ny elakeliny. Hanovokovoka araka izay tratry ny heriny izy, ary mandritra izany no hahitany ny tsiambaratelon'ny fiainana vaovao. Miandalana no hahazany manidina sy hahafolahany ny fahaizana miriaria eny an'habakabaka.

Toy izany koa no fampianaran'Andriamanitra ny zanany hampiasa ny elatry ny finoana. Atosiny hivoaka ny akany izy, esoriny izay rehetra mety ho fianteherany ka atsipiny any anaty hantsan'ny famoizam-po izy, indraindray. Tsy maintsy hamola-tena hametraka ny fitokisany amin' Andriamanitra io zanany io, rehefa tsy mahita hifikirana intsony. Vonona ny hamonjy azy ireo, toy ny voromahery mamelatra ny elany hiakaran-janany mba hivimbiny azy, Andriamanitra⁵.

5. Deuteronomia 32. 11

Fahazarantsika mandrakariva ny fianteherana amin'ny zavatra hita maso, hany ka tsaroantsika ho tena hafahafa ny hoe hahajoro tsy amimpianteherana amin'ny herin'olombelona fa amin'ny fiaraha-mamindra amin'ilay Andriamanitra tsy hita maso. Izany anefa no lesona iray tsy maintsy ianarantsika raha tiantsika hanana an'ilay fiadanan'Andriamanitra ny fanahintsika. Ny finoana no hany antompahavelomantsika, rehefa mitoetra ao amin'io fiadanan' Andriamanitra io isika. Andriamanitra no tonga zava-drehetra amintsika.

Tsy manolotra ho antsika fizahan-toetra mihoatra izay tratry ny herintsika marefo Andriamanitra. Ny hampiorina antsika sy ny hitarika antsika handeha lavidavitra kokoa no tanjony, rehefa manao izany Izy: «... *Nefa mahatoky Andriamanitra ka tsy hamela anareo halaim-panahy mihoatra noho izay zakanareo...*»⁶. Moa Andriamanitra ve no anankinantsika ny tokintsika, manoloana ireo zava-tsarotra mitranga eo amin'ny fiainantsika? Moa mitombo ve ny herintsika, toy ny miaramila tsaran'i Jesoa Kristy, arakaraka ny andraisantsika anjara amin'ny fahoriana?

6.1 Korintiana 10. 13

Mamolavola antsika hanana fiainam-bavaka ny fizahan-toetra

Manery antsika hanokana fotoana bebe kokoa hiresahana manokana amin'Andriamanitra ny fizahan-toetra. Ny fizahan-toetra nolalovany no nampiankohoka an'i Jakoba hivavaka, teo amoron'ny rano Jaboka⁷. Ny fandiavana fizahan-toetra no nanolo-tsaina ny mpanao Salamo hahita «... *ny fierena izay an'ny Avo Indrindra*»⁸. Ireny fizahan-toetra ireny no nampiankin-doha mandrakariva ny apôstôly Paoly tamin'Andriamanitra. Mitarika antsika hikatsaka sy hamelombelona mandrakariva ny fiombonantsika amin'Andriamanitra ny fizahan-toetra. Izy no tonga loharano fanovozantsika hery sy fiantorahantsika.

Toa mahamenatra ihany ny filazana fa tsy maintsy mampiasa ny fahoriana sy ny fizahan-toetra Andriamanitra vao hitodika aminy ny zanany. Matetika mantsy isika no tsy mba manantena an'Andriamanitra intsony rehefa miadana sy tsy manana ahiahy. Amin'ny fotoana mampipololotra ao am-pontsika ny hoe «*Fa nahita ny fahantrako lanao ka nahafantatra ny fahorian'ny fanahiko*»⁹, no fotoana

7. Genesisy 32. 23-30 • 8. Salamo 91. 1 • 9. Salamo 31. 7

ahatsapantsika ny tenantsika ho tena akaiky an'Andriamanitra.

Mampianatra antsika hahay hitia ny fizahan-toetra

Te hamaly hatrany hatrany ny vavaka ataontsika Andriamanitra. Te hanefy ny toetsika ihany koa anefa lzy, etsy an-daniny, no sady te hampianatra antsika ny atao hoe fitiavana. Avelany hampahoriana sy hiharan'ny tsy rariny isika, indraindray, mba hiantorahantsika aminy, sy mba hahatonga saina antsika fa tsy mahay maneho mandrakariva an'ilay fitiavana maharitra ny zavatra rehetra isika¹⁰. Ny Fanahy Masina no mampihanjahanja amintsika ny tsy ampy ao amintsika, ary mitarika antsika hanatona ny loharanon'ny fitiavana. Koa, mandritra ny fotoana hianarantsika miaina ny fiainana feno fanetren-tena sy fandeferana, dia tsy maintsy handalo fizahan-toetra mahamay isika. Amin'izany no hahatonga ny fiainantsika ho azo itarafana ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fitiavany.

10.1 Korintiana 13. 7

Mahatonga antsika hanam-paharetana sy faherezana ny fizahan-toetra

Taranja iray ianarana ao amin'ny Sekolin' Andriamanitra ny faharetana, indrindra rehefa ao anatin'ny fahoriana sy ny fijaliana. Iray amin'ireo ravaka tsara indrindra amin'ny fiainana kristiana izy io. Rehefa teraka ao anatintsika ny voan'io faharetana io, ka miseho amin'ny fiainantsika andavanandro dia « *ho tanteraka sy tonga ohatra isika, ka tsy hisy tsy ampy na inona na inona* »¹¹. Avy ao amin'ny Sekolin'ny fijaliana, matetika, no aharaisantsika an'ireo lesona goavana ampiharintsika eo amin'ny fiainantsika arapanahy.

Tonga fitaovana manampy antsika hanaisotra ao anatintsika ny tahotra ny hijaly ireo fizahan-toetra isan-karazany, rehefa mianatra miaina eo ambany fahasoavan'Andriamanitra isika. Tonga manan-kery ihoarana an'io tahotra ny hijaly io isika, noho ny hery atolotr'Andriamanitra. Vonona hiatrika ny ady mafana isika, toy ny miaramila tsaran'i Kristy, ary mamisavisa sahady ny fandresena.

11. Jakoba 1. 4

Mamolavola antsika ho afa-manampy ny hafa ny fizahan-toetra

Maneho amin'izao tontolo izao ny amin'izay azon'i Kristy atao amin'ireo mino Azy, sy ao amin'ireo mino Azy, isika, rehefa nandresy ny zava-tsarotra tamin'ny alalan'ny fanampian' Andriamanitra. Mahazo voninahitra Andriamanitra amin'izay fotoana izay. Tian'Andriamanitra mantsy raha toa ka tonga «*episitilin'i Kristy*», «*sady fantatry ny olona rehetra no azony vakina*», isika¹². Tonga porofo ny fiainana kristiana. Porofo izay maneho fa afaka miaro ny olony amin'ny fotoana rehetra i Kristy ary ampy hiatrehana an'ireo karazam-pahoriana mpianjady amin'ny olombelona ny herin'ny fahasoavany.

Mamolavola antsika hahay hanampy ny hafa ny fizahan-toetra, amin'ny alalan'ny lesona noraisintsika tamin'ny fandalovana izany¹³. Tsy afaka ny hampionona ny hafa, na hanampy, na hitondra fitahiana ho an'izay mijaly, ny olona tsy manana fo antra sy tsy mbola nandia an'izay nodiavin'io olona io. Avelan'Andriamanitra hitranga amintsika aloha izay tiany hampitaintsika amin'ireo manodidina antsika. Ny fizahan-toetra mahamay no manomana antsika

12. 2 Korintiana 3. 2, 3 • **13.** 2 Korintiana 1. 3, 4

hampitraka, hampahery, ary hampiorina ny fanahin'ny olona avelan'Andriamanitra hifanojo amintsika. Afaka ny hijoro vavolombelona aminy isika ka hilaza hoe: efa nandalovako ihany koa izao zavatra lalovanao izao, ka sahiko ny milaza fa: «*Andriamanitro hahatanteraka izay rehetra tokony ho anao araka ny haren'ny amin'ny voninahitra ao amin'i Kristy Jesoa*»¹⁴.

Fotoana iray ahafahantsika manandrana ny atao hoe fiainam-pandresena ny fizahan-toetra

Tsy vitan'ny hoe mitarika antsika ho amin'ny fandresena ihany, amin'ny alalan'ny fizahan-toetra, ny fahasoavan'Andriamanitra, fa manomana satro-boninahitra tsy ho levona mandrakizay ho antsika ihany koa izany. Raha ho levona sy tsy hotsarovana intsony ny tantaran'izao tontolo izao, ny vokatry ny fiaretantsika ny fizahan-toetra rehetra nolalovantsika kosa hamirapiratra mandrakizay, ho voninahitr'Andriamanitra, ao amin'ilay lanitra sy tany vaovao.

Tiantsika ve ny hianatra zavatra miainga amin'ny fahoriana diavintsika? Moa misaintsaina ny amin'ilay satro-boninahitra hampaherezan'Andriamanitra antsika ve isika?

14. Filipiana 15. 19

Moa ve isika miezaka ny hitady izay omanin' Andriamantira ho antsika ao anatin'ireny fizahan-toetra sedraintsika ankehitriny ireny? Irintsika ve ny « *hanoatra noho ny mpandresy amin'ny alalan'Ilay tia antsika* »?¹⁵. Vonona ny hiantsoroka ny anjara fahoriantika, tahaka ny miaramila tsaran'i Jesoa Kristy, ve isika?¹⁶. Raha eny, hilaza amintsika lzy, rehefa ho avy izay andro iray izay, hanao hoe : « *Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky... midira amin'ny fifalian'ny tomponao* »¹⁷.

15. Romana 8. 37 • **16.** 2 Timoty 2. 3 • **17.** Matio 25. 21